FIJOROANA VAVOLOMBELONA NATAON'NY MOINE BODISTA IRAY

Ndeha hojerentsika aloha, inona ny atao hoe Moine? Ny olona iray tonga moine, dia tafiditra ho isan'ny Fikambanana iray mitoka-monina ary manaraka fitsipi-piainana sy fitsipi-pivavahana mirindra sy hentitra. Raha teo amin'ny fivavahana kristiana dia tany amin'ny taonjato faha-3 tany ho any no nanombohan'izany, vokatry ny fanenjehana mivaivay nataon'ny romana izany. Teo ihany koa anefa ny fihemoran'ny fiainam-panahy teo amin'ny fiangonana, ka nahatonga ny olona sasany nandeha nitokana tany an'efitra mba tena hitady ny fianam-panahy sy ny firaisana amin'Andriamanitra marina.
Teo amin'ny fivavahana bodista, dia nisy ihany ihany koa ireo mpitoka-monina na moine. Bikkhu no iantsoana azy ireny ao amin'ny fivavahan'i Bouddha, raha adika ara-bakiteny dia "ireo izay mangataka fiantrana no dikany". Tsy mahazo mampiasa vola izy ireo, ary tsy mahazo mihinina afa-tsy izay zavatra azo avy amin'ny fanomezana.

****

Ity fijoroana vavolombelona ity dia zava-nitranga tamin'ny mpitoka-monina bodista iray izay efa maty nefa velona indray, tany Myanmar (Biramanie) tamin'ny taona 1998.

FAMPIDIRANA

Izao tantara izao dia nadika tsotra avy amin'ny fijoroana vavolombelona tamin'ny horonam-peo na cassette, mahakasika ny fiainan'ny lehilahy iray izay niova noho ny zavatra niseho taminy. Tsy fanadihadiana na tantaran'olona akory izy ity, fa araka izay zavatra nambarany sy nolazainy ihany.

Ny olona tsirairay dia sady manana izay andikany izao fijoroana vavolombelona izao. Ny sasany dia liana dia liana, ny hafa ihany koa misalasala, misy indray maneso ary misy mihitsy aza ny tezitra sy romotra ary sahy manambara fa tenin'adala sy very saina ny azy. Ny kristiana sasany ihany koa dia tsy mankasitraka satria heveriny fa ny zavatra voalaza ao dia toa tsy mifanaraka loatra amin'ny fivavahana kristiana.

Ity fijoroana vavolombelona ity dia efa nohamarinina tsara, indrindra teo anivon'ireo mpitondra Fiangonana tany Birmanie, izay nizara izany taminay. Tsy nahitana lainga na fisandohana velively na dia kely aza, fa zavatra tena nisy ny momba azy . Izany no nahatapa-kevitra anay hizara sy hampita izany ho an'ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao. Tsy noho ny vola akory no anaparitahana izao tantara izao, fa mba ho fampahafantarana ny tena zava-misy marina, ary avelanay ny tantara hiteny ho azy, fa tsy hilaza ny hevitray izahay. Fa ny Soratra Masina kosa no hitsara ny vontoatin'ny zavatra ambara. Raha sitrak'Andriamanitra ny haneho ny voninahiny na amin'ny ampahany kely fotsiny aza amin'ity lahatsoratra ity, dia mangataka izahay ny asan'ny Fanahy Masina mba hahatanteraka izany.

Misy ny nilaza fa ity moine ity dia tsy maty akory fa torana fotsiny, ary ny zavatra izay hitany dia karazana rediredy ihany vokatry ny tazo mahery nahazo azy. Na inona na inona eritreretintsika, ny zavatra nitranga tamin'ity lehilahy ity dia nanova tanteraka ny fiainany, ary fiovam-penitra mahery vaika izany.

Nitantara ny fiainany tsy amin-tahotra sy risi-po tantareka izy, ary novidiany lafo izany, satria nahatonga azy tany am-ponja. Nataon'ny namany sy ny havany, ny mpiara-miasa aminy tsinontsinona izy, eny hatramin'ny fandrahonana ho faty aza.
Inona no nahatonga azy hanana fahasahiana toy izany? Na hino isika na tsy hino, ny tantarany dia mendrika hovakiana sy henoina ary hatao ho zava-dehibe. Misy ny mitady porofo amin'ny zavatra tahaka izany, indrindra any amin'ny firenena tandrefana, tahaka ny porofo eny amin'ny fitsaràna. Izahay dia tsy afaka hanome porofo, fa ny fantatray kosa, dia ilaina ny manely sy manaparitaka izao fijoroana vavolombelona izao, satria misy olona mila izany, koa avelao ny mpamaky no hitsara izay zavatra voarakitra ao**.**

NY FAHATANORAKO

Miarahaba antsika! Ny anarako dia Athet Pyan Shinthaw Paulu. Avy any Myanmar ny fiaviako. Tiako ny mizara aminareo ny fijoroana vavolombelona tamin'izay zavatra nitranga tamiko, nefa mialoha izany, dia holazaiko aminareo aloha ny momba ny fiainako.

Teraka tamin'ny taona 1958 tao amin'ny tanàna atao hoe Bogale aho, any amin'ny faritr'I "Delta Irraounddi" any atsimon'I Myanmar (Birmanie) aho. Ny ray aman-dreniko dia mpino bodista mafana fo, ary nomeny anarana hoe Thitpin (na hazo) aho. Ny fiainanay dia tsotra dia tsotra, ary nitombo tamin'izany aho nandritry ny fahazazako sy ny fahatanorako. Voatery niala nianatra aho tamin'ny faha-13 taonako, ary nanomboka niasa tamin'ireny sambo mpanjono ireny. Nanjono haza an-dranomasina tao amin'ireo renirano sy ony maro tao amin'ny faritr'i Irraounddi izahay. Tamin'ny faha-16 taonako, dia tonga lehiben'ny mpanjono aho. Tamin'izany fotoana izany, dia tao Mainmahlagion (midika hoe nosin'ny vehivavy tsara tarehy), izay avaratra kelin'I Bogale tanindrazako aho no nipetraka. Manodidina ny "100 miles" avy any atsimo andrefan'I Yangoun tanan-dehibe.

Indray andro, tamin'ny faha-17 taonako, dia nahazo trondro be dia be tao anatin'ny harato izahay, no iny nisy voay ngezabe, niroso hanatona anay. Nanaraka ny lakana nisy anay izy ary vonona ny hanafika mihitsy. Natahotra izahay ary novoizina haingana ny lakana ho eny amorony. Nanaraka anay ilay voay ary noveleziny tamin'ny rambony ny lakana. Na dia tsy nisy naninona aza izahay rehetra, dia tena nisy fiantraikany lehibe tamin'ny fiainako ny zava-nitranga. Tsy maintsy niverina tany an-tanàna indray izahay, ary nandeha tamin'ny sambo mpitondra mpandeha.

Fotoana fohy taty aoriana, nafindran'ny mpampiasa azy tany Yangoun ny raiko. Tamin'ny faha-18 taonako, dia nalefa tany amin'ny Monastera na toerana fitokana-monina bodista aho. Maro tamin'ireo ray aman-dreny tao an-tananan'i Myanmar no nandefa ny zanany tany amin'ny Monastera, na dia fotoana fohy ihany aza, satria voninahitra lehibe izany (tahaka ny hoe mandefa ny zanaka hianatra any am-pitan-dranomasina). Efa an-jato taonany no nanarahanay izany fomba izany.

MPIANATR'i BOUDDHA MAFANA FO

Rehefa feno 19 taona sy 3 volana aho, dia tonga moine na mpitoka-monina ara-dalàna. Ny moine lehibeko tao amin'ny Monastera dia nanome anarana bodista vaovao ho ahy, satria izany no fomba amam-panao. Nanomboka tamin'io dia nantsoina hoe **U Nata Pannita Ashinthuya** aho.
Rehefa tonga moine mantsy, dia tsy azo atao intsony ny mitondra ny anarana nomen'ny ray aman-dreny tamin'ny fahaterahana. Ny anaran'ny Monastera izay nisy ahy dia **Mandalay Kyaikasan Kyaing.** Ny anaran'ilay moine lehibeko dia **U Zadila Kyar Ni Kan Sayadaw.** U Zadila no fiantso azy.
Izy no moine bodista nalaza indrindra tany Myanmar tamin'izany fotoana izany.

Olona nankatoavina sy najain'ny rehetra izy satria noheverina fa mpampianatra lehibe. Maty vokatry ny lozam-pifamoivoizana anefa izy tamin'ny taona 1983, ary nanohina ny fon'ny olona rehetra ny fahalasanany. Vao 6 taona monja aho tamin'izany.
Tena niezaka mafy aho ny ho moine tonga lafatra sy mendrika alain-tahaka ka nanaraka ny lalanan'ny bodisma. Nisy fotoana, niala tany an-tokantrano aho ary dia tany amin'ny fasana no nipetraka, ary tany aho no nivavaka mandrakariva. Ireo moine izay tena vonona marina hahalala ny marina momba an'i Bouddha dia manao tahaka ahy avokoa. Ny sasany dia lasa any anaty kirihitr'ala any no monina ary miaina tanteraka amin'ny fahantrana sy fadiranovana. Izaho dia niezaka hiala amin'ny eritreritra sy ny fisainana tia tena tato anatiko, sy ny faniriana ihany koa, mba hahazoako mandositra ny aretina sy ny fijaliana, ary hanafaka ahy amin'ny fahazarana eto amin'izao tontolo izao. Tsy natahotra matoatoa aho teo anivon'io fasana io. Niezaka nitady fiadanana tato anatiko sy fifehezana ny maha-izaho ahy aho, ka na dia nohanin'ny moka za aho, dia avelako izany hitsentsitra ny rako eo, toy izay hamono an'iny.
Nandritry ny taona maro, dia niezaka aho ny ho tonga moine fakan-tahaka sy mendrika, ary tsy hanao ratsy na amin' iza na amin'iza. Nianatra ny fampianarana bodista ihany koa aho tahaka izay efa nataon'ny razako.
Nandeha tsara ny fiainako, tahaka ny an'ny moine rehetra, nandram-pahatongan'ny fotoana nahararіako mafy. Tao **Mandalay** aho tamin'io fotoana io ary voatery tsy maintsy naiditra hopitaly, mba hanaraka fitsaboana. Rehefa nataon'ny mpitsabo ny fitiliana ahy, dia fantatra fa sady voan'ny tazo vony aho no tratry ny malaria na tazo mahery ihany koa. Afaka iray volana tao amin'ny Hopitaly, nihombo ihany ny aretina, ary nilaza ireo dokotera fa tsy misy hevitra intsony hahasitrana ahy, fa tokony hiomana ny ho faty aho. Izany no famintinana fohy ny fiainako lasa. Fa izao kosa dia hitantara ny zavatra izay nisongadina indrindra aho taorian'io fotoana io.

ILAY FAHITANA IZAY NANOVA TANTERAKA NY FIAINAKO

Rehefa navoakan'ny hopitaly fotsiny, satria tsy nisy hevitra intsony amiko, dia niverina tany amin'ny Monastera aho, ary ireo moines namako no niala nenina nikarakara ahy. Nihareraka aho ary tsy nahatsiaro tena intsony. Taty aoriana aho vao nahalala fa hay aho efa maty nandritry ny telo andro. Efa nihasimba ny nofoko sady efa maimbo, ary tsy nitempo intsony ny foko. Ny vatako dia efa nomanina ho amin'ny fanamboarana sy ny fanadiovana rehetra araka fivavahana bodista.

Na dia efa nihasimba aza ny vatako, tsaroako tsara fa ny fisainako sy ny fanahiko dia mbola tao anatiko ihany. Indro nanatrika tafio-drivotra iray mahery dia mahery aho, izay namongotra ny zavatra rehetra hatramin'ny hazo, ary tsy nisy na inona na iona intsony afa-tsy tany lemaka sisa. Ary nandeha tamin'io tany lemaka io nandritry ny fotoana vitsivitsy aho. Tsy nahita na iza na iza aho tamin'izany.

Niampita renirano aho taorian'izay. Amin'ny fivavahana bodista, dia tsy misy mihitsy fampianarana na fahalalana ny momba ny toerana tahaka izany. Nitebiteby sy niady saina aho aloha, tsy fantatro fa io toerana io anie no helo, raha tsy nahita an'i **Yama** izay mpanjakan'ny afobe (Yama dia anarana omena ny mpanjakan'ny afobe any amin'ny faritr'i Asia). Ny endriny dia tahaka ny liona, fa ny tongony kosa dia mitovy amin'ny naga (fanahy bibilava). Be dia be ny tandroka eo amin'ny lohany. Mampatahotra ny endriny ary tena nihorohoro aho nahita azy. Sady nangovitra aho no nanontany ny anarany. Dia namaly izy hoe : **« Izaho no mpanjakan'ny helo, ny Mpanimba »**

NY FARIHY AFO MAHATSIRAVINA

Notenenin'ilay mpanjakan'ny afobe aho hitodika any amin'ny farihy afo. Teo ampitan'ny renirano dia nahita farihy afo lehibe aho. Ary indro hitako tao ireo akanjo «safran » fanaon'ireo moine bodista any Myanmar. Rehefa nanatona akaiky kokoa aho dia nahita olona sola loha anankiray. Rehefa hitako ny endriny dia fanatro fa i **U Zadila Kyar Ni Kan Sayadaw**, ilay moine fanta-daza izay maty tamin'ny lozam-piarakodia tamin'ny taona 1983. Dia nanotany ilay mpanjakan'ny afobe aho ny amin'ny antony nahatonga ity moine lehibeko ity hijaly ao anaty afo. Hoya ho : **« Nahoana izy no ato amin'ity farihy afo ity nefa mpampianatra tsara fanahy ». Ary tsaroako ny fampianarana nataony mitondra izay lohateny hoe : « Olona moa ianao sa alika ? », izay nanampy olona an'arivony maro hahatsapa ny lanjany ny sy ny maha-izy azy amin'ny maha-olombelona manatombo azy noho ny biby. Namaly ny Mpanjakan'ny helo nanao hoe : « Mpampianatra tsara tokoa izy saingy tsy nino an'i Jesosy Kristy ary izany no mahatonga azy aty amin'ny afobe »**

Nasainy nijery olon-kafa tao anaty afo indray aho ka nahita lehilahy lava volo, izay nisarona ny lohany ilany havanana, ary niakanjo lava. Nanontaniako ny mpanjakan'ny helo : « Fa iza moa io ? » Dia namaly izy hoe : « Io ilay ivavahanareo dia i **Gautama na i Bouddha.** Gaga be aho nahita an'i Gautama any amin'ny afobe. Tsy nino aho ary niteny hoe : « Gautama dia olona tsara toetra, nahoana izy no aty amin'ny afobe ? » Hoy ny mpanjakan'ny afobe : **« Tsy dia misy antony loatra na tsara aza ianareo. Tonga ato amin'ity toerana ity izy satria tsy nino an'ilay Andriamanitra mandrakizay ».**

Nahita olona hafa koa aho, tahaka ny mitondra fanamiana miaramila. Misy ratra be eo amin'ny tratrany. Nanontany aho hoe « Iza moa io ? » Namaly ny mpanajakan'ny helo fa tsy iza io fa i **Aung San**, mpitari-tolona tao Myanmar. **Ato amin'ity toerana ity izy satria nampahory sy nahafaty kristiana marobe, ary indrindra tsy mba nino an'i Kristy izy**. Ny finoan'ny oloona tao Myanmar, dia tsy mba maty izany ny miaramila, fa mitohy ny fiainany.

Nijery tao anaty afo aho ary nahatsinjo olona goavana tokoa izay mitafy fitafiana miaramila, miaraka amin'ny sabatra sy ny ampianga. Misy ratra eo amin'ny handriny. Nambaran'ny mpanjakan'ny afobe fa **Goliata** no anaran'io lehilahy io. Tonga aty amin'ny afobe izy satria niteny ratsy an'Andriamanitra sy Davida mpanompony. Niady saina aho satria tsy fantaro izany Davida sy Goliata izany. Dia hoy ny mpanjakan'ny afobe : **« Goliata dia voatantara ao amin'ny Baiboly, mbola tsy fantatrao izy ankehitriny fa ho hainao ihany rehefa tonga kristiana ianao».**

Avy eo dia nentina ho eo amin'ny toerana iray aho, izay nahitana niaraka ireo mpanan-karena sy ny mahantra izay mikarakara ny sakafo harivany. Hoya ho : **« Iza moa no nanamboatra ny sakafon'izy ireo ? » Nanazava ny mpanjan'ny helo : « Ny mahantra dia izy ireo ihany no mikarakara ny sakafony, ny manan-karena kosa dia hafa ny manamboatra ny sakafony. Rehefa vonona ny sakafon'ny mpanan-karena, ka iny ndeha hipetraka hihinana iny indrindra izy, dia misy setroka matevina miakatra manempotra azy ireo. Mihinana haingana ireo mpanan-karena mba hampitony ny fieritreretany. Miady mafy mba hiaina izy ireo noho ny setroka.Mihinana malaky izy ireo satria matahotra sao very ny volany. Ny vola no andriamaniny ».**

Indro, nisy mpanjakan'ny afobe hafa indray niseho. Ny anjarany dia ny mampirehitra ny afobe tsy ankijanona mba hivaivay mandrakariva. Nanontany ahy izy hoe: "Ho aty amin'ny farihy afo koa angaha ianao? " "Tsia, hoy aho. Tonga handinika ny zava-misy aty fotsiny aho". Mampatahotra dia mampatahotra ny endrik'io anankiray io. Manana tandroka folo izy eo amin'ny lohany, misy lefona eny an-tanany izay misy lelany maranitra fito eo amin'ny tendrony. Dia hoy izy: "Marina ny anao fa tonga aty ianao mba hijery ny zava-misy ihany. Tsy hitako aty mantsy ny anaranao". Tsy maintsy mandeha ianao izao hoy izy, ary mandehana miverina any amin'izay misy anao any.

Ary nasehony ahy ilay tany lemaka tsy misy na inona na inona izay nandehanako, talohan'ny nahatongavako taty amin'ny farihy afo.

NY KIHON-DALANA FANAPAHAN-KEVITRA SY NY FAHITANA NY PARADISA

Nandeha lalan-davitra aho, ary nandeha ra mihitsy aho tamin'izany. Sady nafana be aho no narary ihany koa. Farany, rehefa avy nandeha tokony ho adiny telo aho, dia tonga teo anoloan'ny lalana malalaka be iray. Nandeha tamin'io lalana io mandra-pahatonga teo amin'ny sampanan-dalana. Ny lalana izay mankany amin'ny ankavia dia malalaka be, fa ny mizotra ho any amin'ny ankavanana kosa dia tery. Misy takelaka misoratra ho an'ilay mankany amin'ny ankavia manao hoe: "**Lalana ho an'izay tsy nino an'i Jesosy Kristy".** Ny lalana ho any amin'ny ankavanana kosa dia ho an'izay nino an'i Jesosy. Te hahalala aho hoe mankaiza marina moa ilay lalana malalaka, ary iny koa aho mba nanandrana handeha ho any. Nisy olona anankiroa teo alohako tokony ho 300 metatra eo ho eo ny elanelanay.

Niezaka aho nanenjika azy ireo mba hahatratra azy saingy tsy tratrako. Dia niverina aho rehefa avy eo nankeo amin'ilay sampanan-dalana. Fa izaho kosa dia mbola nitazana azy roa lahy ihany. **Rehefa tonga tany amin'ny faran'ny lalana izy ireo, dia nisy nanatsatoka antsy tampoka. Nikiakiakan'ny fanaintainana izy ireo, ary nikiakiaka koa aho nahita izany. Teo vao fantatro fa ny lalana malalaka dia miafara any amin'ny loza mahatsiravina.**

Niroso nanaraka ny lalana tery izay an'ny mpino aho avy eo. Rehefa avy nandeha eo amin'ny adiny iray eo, dia lasa nivadika ho **volamena madio** ny lalana. Tena madio ny volamena satria afaka mitaratra ny endriko eo amin'ny lalana aho. Nahita olona aho nijoro teo akaikiko. Manao akanjo fotsy izy. Nahare hira faran'izay tsara ihany koa aho, izay fatratra lavitra noho ny ety an-tany. Ilay olona miakanjo fotsy dia niangavy ahy mba hiaraka aminy. Hoy aho hoe: "Iza moa ny anaranao? " Fa tsy namaly Izy. Rehefa nanontany azy in'enina aho, dia niteny Izy hoe: "Izaho no mihazona ny fanalahidin'ny Paradisa, izay toerana faran'izay tsara. Tsy afaka hiditra ato ianao izao, fa raha manaraka an'i Jesosy ianao dia afaka hankao rehefa tapitra ny fiainanao eny ambonin'ny tany. Petera no anaran'io lehilahy io.

Dia niangavy ahy mba hipetraka I Petera ary natondrony toerana anankiray ery amin'ny ilany avaratra aho. Hoy izy: " Jereo ery amin'ny avaratra ary tazano Andriamanitra mahary ny olombelona. Hitako lavitra Ilay Andriamanitra mandrakizay, niteny tamin'ny anjely izy nanao hoe: "Ndao isika hamorona olombelona". Dia niangavy an'Andriamanitra ny anjely nanao hoe: "Raha mety ianao, aza mamorona olombelona, fa hanao ratsy anie izy ary hanahirana anao avy eo! Nefa na izany aza, namorona olona ihany Andriamanitra. Ka nanisy fofon'aina ny olona izy ka tonga olombelona. Ary nomeny anarana hoe Adama izy. (Fanamarihana: ny Bodista dia tsy mino ny fahariana an'izao tontolo izao sy ny olombelona).

NAVERINA TETY AN-TANY AMIN'NY ANARANA VAOVAO

Dia hoy Petera: **"Mitsangana ianao dia mandehana miverina any amin'ny toerana nialanao. Teneno ny olona izay mivavaka amin'i Bouddha sy ny sampiny. Lazao izy ireo fa lasa aty amin'ny afobe izy raha tsy miova. Izay manangana tempolin-tsampy sy manompo sampy dia ho very aty amin'ny helo. Izay rehetra manao fanatitra hoan'ny moine mba hahazoany valisoa dia ho any amin'ny helo ihany koa. Izay rehetra mivavaka amin'ny moine, dia ho any amin'ny afobe avokoa. Izay rehetra tsy mino an'i Jesosy dia ho any amin'ny helo".**

Nasain'i Petera niverina tety an-tany aho ary hijoro vavolombelona amin'izay zavatra hitako. Dia niteny tamiko koa izy nanao hoe: amin'ny anarana vaovao no hitenenanao manomboka izao ka ny iantsoana anao dia **Athet Pyan Shinthaw Paulu** (I Paoly velona indray).

Tsy te hiverina aho. Tiako ny hitoetra any amin'ny paradisa. Nisy anjely nanokatra boky, ary nojereny ny boky nisy ny anarana nahaterahako (Thitpin) fa tsy nahita izy. Nosavaina ihany koa tamin'ny anarana nidirako tao amin'ny monastera fa tsy nisy ihany koa. Dia hoy Petera: **"Tsy misoratra ato ny anaranao, tsy maintsy miverina ianao ary mijoro vavaolombelon'i Kristy amin'ny vahoaka bodista".**

Niverina tamin'ilay lalana volamena aho. Reko indray ny hira mahafinaritra, izay mbola tsy reko hatramin'izay. Niaraka tamiko mandra-piveriko tety ambonin'ny tany I Petera. Nasehony tohatra lavabe izay mampitohy ny paradisa amin'ny lanitra aho, izay tsy mitohoka amin'ny tany fa mihevaheva eny amin'ny rivotra. Nahita anjely be dia be teo amin'ny tohatra aho, ny sasany mankany amin'ny Paradisa, ny sasany midina ny tohatra, seriny dia seriny avokoa izy rehetra. Nanontany aho hoe "Iza izy ireo?" Hoy ny navaliny **"Irak'Andriamanitra izy ireo. Mandeha manao tatitra any an-danitra izy ireo an'izay mino an'i Jesosy sy ny tsy mino azy**". Ary hoy izy tamiko : "Tonga ny fotoana hiverenenanao".

MATOATOA IO

Ny zavatra voalohany tsaroako raha vao tonga dia ny fitomaniana. Henoko ny reniko nikiakiaka hoe: "Ry zanako, naninona ianao no nandao anay sahady?" Naheno olona hafa nitomany ihany koa aho. Tsapako fa toy ny matory ao anaty vata aho. Nanomboka nihetsika aho. Nihiaka ny ray aman-dreniko nanao hoe: **"Oay velona izy! Velona izy!".** Ireo olona tery lavidavitra dia tsy nino ny ray aman-dreniko. Dia nifikitra tamin'ny vata ny tanako ary nipetraka aho avy eo. Betsaka tamin'ny olona teo no raiki-tahotra. Nitabataba izy ireo nanao hoe: "Matoatoa io", ary dia nitsoaka farak'izay ainy izy ireo.

Ireo izay nijanona kosa dia sady gina tsy nahateny no nangovitra. Voamariko fa nipatraka tao anaty zavatra mitsiranoka ratsy fofona aho, eo amin'ny 3 kaopy sy sasany eo ho eo. Zavatra nivoaka avy ao amin'ny vavoniko ireo tamin'izaho tao anaty vatam-paty. Izany no ninoan'ny olona rehetra fa tena maty aho. Tao anatin'ny vatam-paty dia nisy lamba drap vita amin'ny plastika niraikitra tamin'ny vata. Io lamba io dia natao hitatazana ireo tsiranoka mivoaka amin'ny olona maty.

Taoriana kely vao fantatro fa hay efa hodorana ny fatiko. Tao Myanmar, ny fomba dia atao ao anaty vata-paty ny razana, fantsihina ny sarony ary dorana avy eo. Rehefa velona aho, hay efa fotoana nijeren'ny ray aman-dreniko farany ahy io alohan'ny saika handoroana ny vatam-paty. Raha tara kely fotsiny dia efa kila forehitra!
Tonga dia nanazava ny zavatra hitako sy reko rehetra aho. Gaga avokoa ny olona rehetra. Nambarako taminy ilay olona hitako tao amin'ny farihy afo, ary nolazaiko tamin'izy ireo fa ny kristiana ihany no tena manana ny fahamarinana, fa isika sy ny razantsika dia voafitaka nandritry ny amin'arivo taona.
Nolazaiko tamin'izy ireo fa izay ninoantsika hatramin'izay dia tsy hafa fa lainga avokoa. Zendana dia zendana ny olona satria fantatr'izy ireo tsara fa moine nafana fo mihitsy aho, ary nazoto nanaraka tsara ny fampianaran'i Bouddha.

Tao Myanmar, rehefa maty ny olona iray, ny anarany sy ny taonany dia soratrana eo amin'ny vata-paty. Rehefa moine kosa no maty, ny anarany, ny taonany sy ny isan'ny taona naha-moine azy dia soratana eo amin'ny sisin'ny vatam-paty. Izaho dia efa voasoratra isan'ny maty, araka izay hitanareo, nefa ankehitriny, hitanareo fa velona aho!

FAMARANANA

Taorian'izay ilay Paoly vaovao dia tsy nitsahatra nijoro vavolombelon'i Kristy ary nitoetra ho nahatoky tamin'izany. Namerina moine an-jatony hoan'i Kristy izy, araka ny filazan'ny Pasteurs birmans maro. Ny fijoroany vavolombelona dia tsy misy fitaka na lainga fa zavatra marim-pototra ary hitam-poko hitam-pirenena. Noho izany, ny hafatra netiny dia nahatohina sy naha-tezitra olona maro, dia ireo izay tsy nanaiky fa lalana iray ihany no mitondra ho any amin'ny paradisa, dia Jesosy Kristy. Na dia teo aza ny fanoherana maro, ny zavatra nataony dia mari-pototra ary tsy azo niadian-kevitra. Raha nanompo an'i Bouddha nandritry ny taona maro izy hatramin'izay, izao kosa dia tonga mpitory ny Filazantsara taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, ary nitarika ny moine namany handà ny fanompoana andriamani-tsy izy sy hanaraka an'i Jesosy Kristy amin'ny fony rehetra. Talohan'ny aretiny sy ny fahafatesany, dia tsy nisy fifandraisany velively tamin'ny fivavahana kristiana izy. Izay nianaranay nandritry ny 3 andro dia zavatra vaovao tanteraka tamin'ny fanahiny.

Mba hahazoana manaparitaka ny hafatra nentiny, ity Lazarosin'ny andro ankehitriny ity dia tsy nitsahatra nizara cassette audio sy video ny tantarany. Ny Polisy sy ny mpitondra fanjakana tao Myanmar dia niezaka nanangona sy nanapotika ireny cassette ireny. Ny fijoroana vavolombelona izay vao avy novakianao ity dia azo avy amin'ny iray amin'ireny cassette ireny. Nolazaina taminay fa tena mampidi-doza ho an'ny olom-pirenena birman ny fitazonana ireny cassette ireny.

Ny fijoroana vavolombelona nataony dia nahatonga azy nogadraina farafaharatsiny indray mandeha teo amin'ny fiainany. Tsy nahomby anefa ny tetiky ny mpitondra hampangina azy. Taorian'ny fanafahana azy tao an-tranomaizina, dia nanohy ny fijoroana vavolombelona ny amin'izay hitany sy reny izy. Tsy fantatra izay misy azy amin'izao fotoana izao. Nisy nilaza fa nogadraina indray izy ary novonoina avy eo, ny hafa kosa manambara fa efa afaka izy ary manohy ny asany…